## FANOHANANA SY FIRAISANKINA AMIN' NY MPONINA AO AMIN'NY FARITRA ANOSY

### MITOLONA MITAKY NY ZONY

### MANOLOANA NY ORINASA MPITRANDRAKA HARENA ANKIBON'NY TANY QMM RIO TINTO

Efa ela no nitolona tamin'ny fomba samihafa nanohitra ny voka-dratsy ateraky ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany tanterahin'ny orinasa QMM Rio Tinto ny mponina ao amin'ny fokontany manodidina ny toeram-pitrandrahana ao Mandena akaikin'i Tolagnaro Fort-Dauphin.

Nisy mponina ao amin'ny faritra Anosy niharan'ny voka-dratsin'ny "seuil déversoir" (karazana toha-drano goavana) napetraky ny orinasa QMM Rio Tinto, nizara tao amin'ny tambajotra sosialy, tamin'ny herinandro lasa, ny resaka nataony tamin'ny mpanao gazety momba ny FITOKONANA FANAIRANA izay ataony. Nitantara izy ireo fa nisy didim-pitsaràna nivoaka momba ny tokony handoavan'ny orinasa QMM Rio Tinto onitra tapitrisa ariary maromaro amin'ny tokantrano amam-polony monina ao Andranokana, izay manamorona ny toeram-pitrandrahan'ny orinasa, satria tsy afaka namboly hanin-kohanina nandritry ny taona maro ireo mponina ireo rehefa nalain'ny orinasa nanaovany ny "seuil déversoir" ny taniny. Tsy mety mandoa izany anefa hono ny orinasa fa milaza mbola hangataka ny fanafoanana ilay didim-pitsaràna. Nilaza ireo solontenan'ny mponina fa nisy latabatra boribory natao izay tsy nahatafavoaka vahaolana.

Ny tohin'izany vaovao izany dia namoaka fanambaràna ofisialy ny orinasa Rio Tinto ny 27 Aogositra 2026 fa noho ny fisian'ny fanakànana ny làlana mankany amin'ny orinasa nandritry ny telo herinandro izao dia hampiato ny asany ny orinasa.

Dingana vaovao indray amin'ny tolona atrehin'ny mponina ao amin'ny faritra Anosy manoloana ny orinasa goavana QMM Rio Tinto mitrandraka fasimainty izao miseho izao. Koa manohy sy manamafy ny asa efa natao hatramin'ny taona 2015, izahay Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif TANY :

* manohana ny tolon'ny mponina rehetra ao amin'ny faritra Anosy iharan'ny voka-dratsin'ny fitrandrahana ataon'ity orinasa ity, tolon'ny mponina izay miaro ny taniny sy ny tontolo iainany, ny sakafo hohaniny sy ny fahasalamany ary ny kolontsainy sy ny hoavin'ny taranany, ary midera ireo mponina tsy manaiky lembenana fa mijoro hatrany mitaky sy miaro ny zony;
* manohana ny fiaraha-miasan'ny mponina ao amin'ny faritra Anosy amin'ny vondron'ny mpisolovava Leigh Day mitory ny orinasa any amin'ny fitsaràna aty ivelany momba ny fandotoana ny rano fisotron'ny mponina 15.000 eo eo izay nahitana "plomb" sy "uranium" in-40 na in-50-n'ny taha heverin'ny OMS fa ara-dalàna;
* mitaky amin'ny tompon'andraikitram-panjakàna sy ny fitsaràna malagasy ny tsy hanekena ny orinasa, na kely izy na goavana tonga miasa eto an-tanindrazana, ho ambonin'ny lalàna fa tokony hankàto ny didim-pitsaràna;
* mitaky ny hanohizana amin'ny fomba hentitra ary hamoahana ampahibemaso tsy ho ela ny vokatry ny fanadihadiana momba izay tompon'andraikitry ny nahafatesan'ireo olona telo maty nandritry ny hetsika nataon'ny mponina tao Tolagnaro tamin'ny volana oktobra 2023, dia Itompokovavy Francia Rasolonirina ary Itompokolahy Damy sy Andriamamonjy Jean Solomon.
* mitaky amin'ny tompon'andraikitra isan'ambaratonga eto amin'ny firenena malagasy ny hamerenan'ny orinasa Rio Tinto amin'ny laoniny ary handoavany onitra momba izay nosimbàny rehetra alohan'ny hialàny, raha toa ka marina ny resaka mahakasika ny mety hivarotany amin'ny orinasa hafa ny fitrandrahana ao amin'ny faritra Anosy. Nitanisa tranga maro momba izany ny tatitra nataon'ny Tôteny Anosy sy ny firaisamonimpirenena faritra Anosy tamin'ny taona 2025 rehefa nanamarika ny 15 taona niasàn'ny orinasa QMM Rio Tinto tao atsimon'ny Nosy.

29 Aogositra 2026

**Ny Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY**
patrimoine.malagasy@gmail.com, https://terresmalgaches.info, Facebook : TANYterresmalgaches, X ex-Twitter@CollectifTany